Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FANDALINAM-PINOANA SAP/KNPL ALAROBIA

15/11/2017

NY SALAMO

Misy foana ny heverina ho efa mahazatra, kanefa tsy fantatra tsara ny votoatiny na ny « harena sarobidy » raiketiny mba hahasoa ny finoantsika sy ny fanompoantsika an'Andriamanitra**.** Enti-paharazana foana isika, ka tratra aoriana matetika amin'ny fandraisana ny hafatra sy fampianarana. Hoy Lotera raha nandresy lahatra ny amin'ny tokony handalinana ny finoana mandrakariva, indrindra fa izay mifototra amin'ny Tenin'Andriamanitra : « Izay malai-mikoso-maso dia ho jamba any aoriana ka tsy hahay mahita ny zava-dehibe ataon'Andriamanitra ho azy ». Misy fandaharana 5 handalinantsika ny Salamo, ary hijery sy handalina santionany isika. Fa fitarihana ihany no aroso anio, mba hahatonga antsika « ho liana» sy hazoto hamaky sy handinika ny Salamo. Ho an'izay milaza fa « tsy mahay mivavaka », ny Salamo dia manome toromarika sy môdely hanovozana fiainam-panahy hampandroso ho amin'izany.

❶ TSARA HO FANTATRA MOMBA NY SALAMO

→ *NY ANARANY.*

Ny anarana hoe Salamo araka ny ahafantarantsika ilay boky lehibe indrindra ao amin'ny Baiboly dia nalaina avy tamin'ny teny grika hoe *Psalmos,* nandikana azy ao amin'ny Septante (Dikanteny grika ny Fanekem-pihavanana Taloha), nentina nilazana hira narahin-java-maneno misy tadiny na hoy ny dikanteny ao amin'ny Baibolintsika hoe « zava-maneno tendrena » (instruments à corde). Hitantsika amin'ny Salamo sasany ny teny hebreo hoe *mizmor* mitovy hevitra amin'izany (nadikan'ny Baiboly malagasy ho valiha torifolo, na valiha tsotra, na gitara, na lokanga, na jejilava). Tanisaina ao amin'ny Salamo 150. 3-5 ireo karazan-java-maneno nampiasaina tamin'ny fanompoam-pivavahana tamin'ny Zanak'Isiraely:« Midera Azy amin'ny fitsofana anjomara , Midera Azy amim-baliha sy lokanga. Midera Azy amin'amponga sy dihy, Midera Azy amin'ny jejilava sy sodina. Midera Azy amin'ny kipantsona madinika, Midera Azy amin'ny kipantsona vaventy. Aoka ny miaina rehetra samy hidera ny

TOMPO! Haleloia! ». Amin'ny Baiboly Hebreo dia «*Sépher Tehillim* » ny anarana iantsoana ny Salamo, midika ara-bakiteny izany hoe «Bokin'ny Fiderana» (*Livre des Louanges)*. Ny fakanteny nahazoana ny hoe *Tehillim* (*Tehilla* raha mandeha samirery –singulier-) dia *Hallal* , hitantsika ao amin'ny hoe « Haleloia », midika hoe « mankalazà ny Tompo », koa vondron-tsalamo ao anatin'ny Baiboly, manomboka amin'ny Salamo 113-118 dia antsoina hoe « *Hallel* », ary hira fanao mandritra ny sakafo amin'ny Paska (*cf.* Matio 26.30). Satria Bokin-kira ny Salamo, araka izany, dia tsy natsitokotoko tahaka ireo boky hafa ato amin'ny Baiboly izy, fa nalahatra toy ny fandaharana hira ao amin'ny boky Fihirana. Koa **tsy fiteny ny hoe « Salamo toko faha… »**, fa **« Salamo faha… »**no **fiteny** rehefa hamaky azy.

→ ***NY FANDAHARANA AZY (Ordre des Psaumes)***

Tsy mitovy ny fomba fandaharana ny Salamo, na dia nalahatra ankapobeny ho horonam-boky dimy aza izy ireo. Ny Baiboly Protestanta amin'ny ankapobeny dia manaraka ny fomba fandaharana jiosy : mitohy 1-150. Ny Baiboly katolika kosa, manaraka ny fomba fandaharan'ny Septante (dikanteny grika) sy ny Vulgate (dikanteny Latine) dia hafa, satria amin'ireo dikanteny ireo, ny Salamo 9 sy 10 izay miavaka ao amin'ny Baiboly hebreo dia natambatra ho iray ihany (Salamo 9), koa izay no nampisy ny fahasamihafana hatreo amin'ny Salamo 113 (ny Salamo 10-112=11-113). Ny Salamo 114-115 indray dia natambany ho tokana ka tonga Salamo 113, ary ny Salamo 116 notapahiny roa ka tonga Salamo 114-115. Araka izany, amin'io dikanteny io, ny Salamo 117-146 amin'ny hebreo dia nanjary 116-145 (grika sy Latine), ary ny Salamo 147 (hebreo) dia nanjary nozaraina roa ho Salamo 146-147 (grika sy Latine). Eo amin'ny Salamo 148-150 vao nifandray indray ny fandaharana. Hitantsika ao amin'ny DIEM fa niampy iray ny Salamo ka nanjary nisy Salamo 151. Tsy tafiditra tamin'ny fandaharana rehetra io, fa vao noraisina taty aoriana nolazaina hoe « an'i Davida manokana ».

Voalaza hoe « nalahatra ho horonam-boky dimy » (5 rouleaux) ny Salamo, ary nataon'ireo Raby jiosy nanomboka tamin'ny taonjato 1 taorian'i J.K izany. Ny Dimy dia mampahatsiaro ireo boky dimy momba ny Lalàna (Torah) antsoina hoe « Pentatioka ». Ireto avy ireo horonam-boky dimy amin'ny Salamo ireo : ***- Salamo 1-41 ; - Salamo 42-72 ; - Salamo 73-89 ; - Salamo 90-130 ; - Salamo 107-150***. Ny horonana tsirairay dia samy nofaranana tamin'ny Fankalazana an'Andriamanitra (Doxologie) (***41. 14 ; 72. 18-20 ; 89. 53 ; 106. 48 ; 150*** *manontolo*).

→ ***NY ANJARA TOERANA MISY NY SALAMO AO AMIN'NY BAIBOLY***

Voalahatra ao anatin'ireo Boky Tononkira (livres poétiques) ny Salamo ato amin'ny Baiboly efa mahazatra antsika, ka laharana faha-2 no misy azy, manaraka ny bokin'i Joba, ary alohan'ny Ohabolana sy ny Mpitoriteny ary ny Tononkiran'i Solomona. Ny Baiboly Hebreo dia nanasokajy ireo boky ho karazany telo : Ny Bokin'ny Lalàna (« *Torah* »), ny Bokin'ny Mpaminany (« *Nebhiim* »), ary ny Bokin'ireo

Soratra (« *Ketoubhim* »). Hahamoramora ny fitadidiana ireo fandaharana ny karazam-boky ireo dia nohafohezina hoe « TANAK », ka ny Salamo no Boky voalohany ao amin'ireo Soratra. Fa eo am-pamakiana ny Salamo dia mahaliana ny fahitana lohateny fohy na teny ilazana azy (indications suscriptaires), toa natao hanazavana ny ambaran'ilay Salamo. Misy Salamo miisa 34 kanefa tsy mba misy izany lohatey izany, koa nantsoina hoe « *Salamo kamboty* » (Psaumes orphelins) izy ireo. Misy karazany dimy ihany koa ireo lohateny fohy nomena ireo Salamo ireo (cinq catégories de suscriptions).

→ ***NY KARAZANA LOHATENY NOMENA IREO SALAMO (LES CATEGORIES DE SUSCRIPTIONS DES PSAUMES)***

Tena mampiavaka ny Salamo ny fisian'ny fanatsinjarazarana azy amin'ny fanomezana lohateny eo am-panombohana ny boky. Misy karazany dimy ireo lohateny, araka ny voalaza teo, dia ireto avy :

① ANARAN'OLONA SAMIRERY NA ANARAN'NY ANDRAIKITRA ANANAN'ILAY OLONA (NOMS DE PERSONNAGES):

Misy amin'ireo anarana nomena ho lohateny hilazana ilay Salamo ireo no anaran'olo-malaza teo amin'ny Jiosy, toa an'i MOSESY (*Salamo* 90), DAVIDA hita amin'ny Salamo miisa 73, SOLOMONA (*Salamo 72 sy 127*). Misy voalaza ao amin'ny boky hafa anatin'ny Baiboly, toa an'i ASAFA eo am-piandohan'ny Salamo miisa 12, izay voalaza fa mpamoron-kira (musicien) sy mpahita niara-belona tamin'i Davida (*2 Tantara 29. 30*), HEMANA (*Salamo 88*) sy ETANA (*Salamo 89*) dia olon-kendry niara-belona tamin'i Solomona Mpanjaka (*1 Mpanjaka 4. 31*), ary nantsoina hoe « Ezrahita » izy ireo, taranak'i Zera rahalahy kambana tamin'i Fareza zanak'i Joda tamin'i Tamara vinantovaviny (*Genesisy 38. 30*), fa araka ny *1 Tantara 6. 33,44* dia isan'ny « Levita » nomen'i Davida andraikitra hitarika ny Mpihira izy ireo. Voalaza koa ireo KORAITA na taranak'i KORA, Levita izay nikomy tamin'i Mosesy ka natelin'ny tany hidina velona tany amin'ny fiainan-tsy hita (cf. *Nomery 26. 11).* Tsy niara-levona tamin'ny razambeny kanefa ireo « Koraita », fa namindran'Andriamanitra fon y taranaka ka hita matetika toy ny ao amin'ny *1 Tantara 6. 37 ; 2 Tantara 20. 19 sy 31. 14.* Misy anarana iray, JEDOTONA (*1 Tantara 16. 41-42*) izay heverin'ny maro fa nilazana an'i ETANA ihany. Tsy mpamoron-kira na Mpitarika fa nomena ny Salamo. Mitovy amin'izany ny filazana ny hoe « MPIVENTY HIRA », miverina in-55 dia tsy milaza olon-tsamirery fa mikendry ny namoronana ilay Salamo : ny hevitry ny teny hebreo nahazoana io filazana hoe « mpiventy hira » io dia manakaiky ny dikateny hoe « mbahahazoana ny fahasoavana » (*pour obtenir la grâce*) ;

② ZAVA-NISY NITRANGA ARA-TANTARA (*CIRCONSTANCES HISTORIQUES*)

Nomena ho lohateny eo am-piandohan'ireo Salamo ireo (miisa 13 : *Salamo 3,7,18,34,51,52,54,56,57,59,60,63, 142*), voalaza fa an'i Davida ny zava-nitranga ara-tantara izay mety no nahatonga ny aingam-panahy namoronana azy (ohatra: *Salamo 51*, ampitahao *2 Samoela 12. 1-12*). **Tahaka izay mbola fahita mandraka**

ankehitriny, ny hira dia fitaovana hitehirizana ny zava-misy ara-tantara mba hakan'ny taranaka any aoriana lesona. Ny tena tsara homarihana kanefa dia ny **fetezan'ireo mpanompon'Andriamanitra loharano niteraka ny Salamo hahatsiaro tena fa tsy mahavita tena na mahavonjy tena amin'ny heriny samirery, fa tsy maintsy mitodika amin'Andriamanitra.** Tonga « Tonombavaka » italahoana mba hahazoana ny fanampian'Andriamanitra ny Salamo, ka môdelin'ny vavaka hataontsika.

③ ENDRIKA ARA-PAMORONANA NAMORONANA ILAY SALAMO (*GENRE POETIQUE*).

Misy karazany sivy ireo endrika ara-pamoronana (genres poétiques) tanisaina ireo. Misy ny efa fantatra sy magazatra ka moramora amintsika ny mahazo ny heviny, fa misy kosa ny sarotra ihany satria tsy mahazatra antsika.

- Miverina in-57 ny hoe ***mizmor*** na nadika hoe « Salamo ampiarahina amin'ny valiha», izay midika ara-bakiteny hoe hira miaraka amin'ny zava-maneno tendrena (accompagnement musical avec un instrument à corde). Ohatra : *Salamo 4*.

- Ny teny hoe « Tononkira », avy amin'ny teny hebreo hoe ***chir*** *,* dia indray mandeha no nampiasaina (*Salamo 46*), kanefa in-13 no nampiarahina tamin'ny teny hafa nadika hoe « salamo » io teny io. Marihina fa ny « Tononkiran'i Solomona » dia hoe « *Chir hachir* » (na « Tononkira dia Tononkira). Amin'ny hebreo, tahaka ny teny Malagasy, rehefa misy hevitra hamafisina dia atao verin-droa –ohatra : « *Tsara dia tsara* », fa tsy teny malagasy ny hoe « tsara be »

- Ny teny hoe « Fihirana fiakarana » dia miverina in-15, manomboka eo amin'ny *Salamo 120* ka hatramin'ny *Salamo 134.* Voalaza fa hira natao rehefa niakatra ho any Jerosalema, ***maaloth***, hiraina isan-taona ireo, koa nantsoina koa hoe « Fihirana amin'ny Fivahiniana masina » (« Cantique des pélérinages »). Ny hoe « Fiakarana » dia nentina nanondro na nampahatsiaro ny zana-tohatra 15 niakaran'ny Levita rehefa hiditra hanao fisoronana ao amin'ny Tempoly, ka nanao ireo hira ireo izy ireo, nandritra ny fankalazana ny Fetin'ny Tabernakely. Fa ny fiakarana ihany koa dia nentina nilazana fampitana hevitra mandeha ambaratonga (gradation dans le dévéloppement des idées), na koa endrika mozika miakatra hatrany (crescendos).

- Misy Salamo 5 nantsoina hoe « Vavaka », nandikana ny teny hebreo hoe « ***tephilla*** **».** Ny hevitry ny teny tany am-piandohana dia fangatahana na vavaka fitalahoana hatao amin'Andriamanitra mba ho Mpitsara, raha misy tsy rariny nampiharina tamin'ny tena (appel à Dieu pour qu'il fasse juge dans un tort qu'on a subi). Hitantsika izany amin'ny *Salamo 17, 86, 90, 102, 142*.

- Indray mandeha monja no nampiasana ny teny hoe « Fiderana », ***tehilla***, (louange) teo amin'ny fiandohan'ny *Salamo 145*. Ny anaran'ny bokin'ny Salamo amin'ny teny hebreo kanefa, araka ny voalazantsika tany aloha, dia « Bokin'ny fiderana » (« *Sépher tehillim* »).

- Nampiasaina indray mandeha koa, ao amin'ny *Salamo 7* (ampitahao *Habakoka 3. 1*) ny hoe ***chigayone***, « hira mitalaholaho » (hymne lyrique) na

« fitarainana » (complainte), « fitomaniana » (lamentation), milaza teny ataon'olona mahatsiaro zava-mavesatra ka mitaraina na miaiky (confession).

- Hita matetika satria miverina in-13 (ohatra : *Salamo 32*) ny teny hoe ***Maskila***, midika hoe « fampieritreretana » (méditation), na « tononkalo mampianatra » (poème didactique). Fomban'ny Hebreo, tahaka antsika Malagasy, ny mampita hevitra amin'ny alalan'ny feo, koa azo lazaina ho endri-kira (genre musical) ihany koa io teny io.

- Miverina in-6 ny teny hoe ***Miktama*** (*Salamo 16, 56, 57, 58, 59, 60*) , nantsoin'i Lotera hoe « Vongam-piravaka volamena » (« Joyau d'or »). Milaza hevitra manaitra sy mitaky fandinihana lalina izy ireo. Fa mampahatsiaro koa hafatra atao amin'ny feo malefaka, na bitsika amin'ny molotra mikatona (« lèvres fermées »).

- Ampiasaina ihany koa ao amin'ny *Salamo 60 sy 80* ny hoe ***édouth***, midika hoe « fijoroana ho vavolombelona » (témoignages).

Na dia tsy nomena ho lohateny aza, dia misy karazana Salamo mampita hevitra : « Tenim-pahendrena » (Paroles de sagesse) ***Hochmah***, « Petra-kevitra hentitra » (sentences) ***Machal***, ary « Ankamantatra » (enigme) ***Hidah*** . Manakaiky ireo ny antsoina hoe « Salamo mitondra fananarana » (Psaumes sapientaux) : *Salamo 1, 19. 8-15, 37, 112, 127, 133*

④ TARI-DALANA TAMIN'NY FANOMPOAM-PIVAVAHANA (*INDICATIONS LITURGIQUES*).

Hita eo am-panombohana ny Salamo sasany ny antony nanaovana azy, *ampiasaina indrindra amin'ny fanompoam-pivavahana. Ny Salamo 38, sy 70,* ohatra dia voalaza mazava hoe « ***Ho fampahatsiarovana*** ». Ny *Salamo 60* dia « ***hampianarana*** ». Fa misy voafgaritra mazava amin'ny fotoana iray hanaovana fanompoam-pivavahana : « ***Nitokanana ny trano*** » (*Salamo 30*), « ***Salamo ho fiderana*** », fiantsoana izao tontolo izao hanompo an'Andriamanitra (*Salamo 100*), « ***Fivavaky ny ory***, ***raha reraka izy ka mandoatra ny alahelony eo anatrehan'Andriamanitra***» (*Salamo 102*).

⑤ TARI-DALANA MOMBA NY MOZIKA (*INDICATIONS MUSICALES*).

Ao anatin'io karazana Lohateny nomena ny Salamo ion y fanondroana ny zava-maneno ampiasaina miaraka amin'ialy salamo : zava-maneno misy tadiny tendrena (*Salamo 4, 6, 54, 55, 61, 67, 76),* na sodina (*Salamo 5*), zava-maneno miendrika valiha : Al-hasheminith, izay karazana harpe (*Salamo 6, 12*), Al-hagitith izay misy tadiny ihany koa (io angamba no nadikan'ny DIEM hoe « Jejilava ») :*Salamo 8, 81, 84*.

Fa misy niniavin'ny mpandika teny tsy nadika mihitsy, satria karazan-kira na feon-kira tsy mahazatra loatra (*Salamo 9, 22, 53, 56, 58, 59 , 75, 88*). Fa hitantsika miverimberina matetika ao amin'ny Salamo (in-71) ny teny hoe ***Sela***, na « Fiatoana » (pause). Satria nohiraina ny Salamo, noho izany ireo fiatoana ireo dia natokana hakan'ny Mpihira aina kely, na nomena ho an'ny feon-java-maneno fotsiny

(intermède musical), na noaraoraotin'ny mpivavaka mba hiankohofana eo anatrehan'Andriamanitra (prosternation des fidèles).

Misy koa ireo Salamo izay manomboka amin'ny Abidy amin'ny Teny Hebreo (Alphabétiques) : *Salamo 25*, *34*, *37*, *111*, *119*, *145*. Miavaka indrindra amin'ireo ny Salamo 119 izay manana andininy 176.

Samy manana ny fomba fampiasany ny SDalamo ny Kristiana. Ho antsika Protestanta, hatrany am-boalohany dia nohiraina tsy tapaka tao natain'ny Fanompoam-pivavahana ny Salamio voafidy. Tany Madagasikara manokana, dia miavaka ireo « Zafindraony » nihirana ny Salamo ka nampiavaka ny Fiangonana sasany toa an'i Ankadimbahoaka, Antanimena Atsinanana, Ankadilalana, Andraisoro. Nanavia ny Misionera ny feon-kira Zafindraony ka norarany mihitsy aza, kanefa nofikirin'ny Malagasy izany, koa nanjary niteraka fisarahana mihitsy aza tamin'ny sasany fa nahatonga fananganana Fiangonana Tsimiankina.

→ *FEHINY*

Mbola hitohy ny fandalinatsika ny Salamo, fa nofidiko manokana anio ny **SALAMO 1** hojerentsika vetivety. Ao anatin'ireo Salamo mampita fananarana (Psaumes sapientaux) izy io, ary nankafizin'ny Kristiana Malagasy Maintimolaly. Notakarina avy amin'io Salamo io ny Trakitra nitaiza ny Kristiana nandritra ny Fanenjehana, nomena Lohateny hoe « Ny Lalana roa ».

Ny fanombohana ilay Salamo dia ny teny hoe « Sambatra » : mampahatsiaro ny Fampianaran'ny Tompo tany an-tendrombohitra izany. Tsy ny olombelona no mamaritra ny fahasambarany, fa asan'Andriamanitra izany, ary Andriamanitra no manome fahasambarana.

Avahana tsara ny « OLO-MARINA » sy ny « RATSY FANAHY ». Samy manana ny lalana alehany izy ireo. Fa ny tsy tokony hohadinoina sy saintsainina mandrakariva dia ny FITSARAN'ANDRIAMANITRA ANY AM-PARANY : izany hoe, Andriamanitra ihany no Tompon'ny teny farany.

Mampiavaka ny « Tsara fanahy » dia izy manana finiavana sy fahatapahan-kevitra hisafidy fa tsy hanaraka fotsiny ny filana sy ny fitarihan'ny manodidina. Ny fahalemen'ny Kristiana sasany, dia ny fanarahana ny feon'ny manodidina, ka tsy mijoro fa mandeha araka izay filana sy heverina fa hahazoana tombontsoa. Mazava ny Tenin'Andriamanitra, araka ny *1 Korintiana 15. 33* . Ny fanarahana ny ratsy dia manimba sy mampivaona : «Aoka tsy ho voafitaka ianareo, fa mamohehatra ny toetra tsara ny namana tsy valahara ». Tsy misy afa-tsy ny fifikirana sy fanarahana ny Tenin'Andriamanitra ihany no miaro antsika tsy ho lavo hanao ratsy : « Aoka ianao hahavatra mamaky ity bokin'ny lalana ity ary handinika azy andro aman'alina mba himasoanao ny hanao araka izay rehetra voasoratra anatiny. Amin'izay dia ho tontosanao tsara ny fikasanao rehetra ary hahomby ianao. » *Josoa 1. 8*. Marihina ihany koa fa ny tsara fanahy dia tsy avelan'Andriamanitra hitomoe-poana fa tsy maintsy mamokatra, satria « Toy ny hazo nambolena eo amoron-drenirano izy, izay mamoa ara-potoana sady tsy malazo ravina , ka dia mahomby avokoa ny asa rehetra ataony». *Salamo 1. 3*

Mahalasa eritreritra kosa ny momba ny ratsy fanahy. Lazaina fa « toy ny akofa aelin'ny rivotra » izy. Midika izany fa mora andairan'ny fampianarana hafa sy izay fitarihana rehetra mety hitarika ho amin'ny fahaverezana ireo ratsy fanahy. Tsy tafajanona miaraka amin'ny marina mihitsy izy, fa mitady lalana hialana any ivelany. Tokony hampieritreritra antsika izany, tsy hanameloka ny tenantsika na ny Fiangonanantsika, fa hivavaka mba hanokafan'Andriamanitra ny masontsika hahaizantsika miala sy mandositra ny ratsy fanahy ka « tsy hitoetra eo amùin'ny toeran'ny mpanota sy fipetrahan'ny mpaniratsira ».

Ho an'Andriamanitra Irery ihany anie ny voninahitra !

Brétigny-sur-Orge, 15 novambra 2017

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA